REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

KARINEM-PAHASALAMAN'NY VEHIVAVY

Vehivavy Salama

Femmes bien portantes.

Antoky ny fampandrosoana

garant du développement.

ANARANA NOM	
Fanampin'anarana PRENOMS	
Daty nahaterahana Date de naissance	
Fonenana : Domicile **Distrika :** District **Faritra :** Région	

MESSAGES DE MME LE MINISTRE

HAFATRA AVY AMIN-DRAMATOA
MINISITRY NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

DE LA SANTE PUBLIQUE

Ry vehivavy (femme),

Ity karine ity dia natokana ho anao vehivavy (ce carnet vous est réservé spécialement à partir de l'âge de 10 ans) manomboka amin'ny faha-10 taona (suivant le modèle), mialoha ny fanambadiana ary mandritra ny androm-piainana (et durant toute la vie).

Natao izy ity mba : (Il est conçu pour)

1- hanarahanao maso ny fahasalamanao (Suivre votre état de santé)

2- hanomezana anao torohevitra ara-pahasalamana mifanaraka amin'ny fotoana ilana izany. (des conseils de santé éventuels selon les circonstances)

3- hampiasainao isaky ny manatona Tobim-pahasalamana (être utilisé à chaque fois que vous allez au centre de santé)

Tehirizo tsara ary ity Karinenao ity mba tsy haloto, tsy ho simba ary tsy ho very.

Veuillez garder votre carnet bien propre, bien tenu, qu'il ne soit pas perdu.

Docteur NDAHIMANANJARA Johanita

FANEKENA
ATAON'NY VEHIVAVY

ENGAGEMENT DE LA FEMME

Moi, propriétaire de ce carnet, suis prête à appliquer les messages mentionnés ci-dessus, car leur pratique me sera une grande récompense pour moi (et ma famille).

Izaho, izay tompon'ity karinem-pahasalamana ity, dia vonona hanatanteraka ny hafatra rehetra voarakitra ato, satria raha tontosako izany dia ho valisoa lehibe indrindra ho ahy sy ny ankohonako.

Sonia

Signature

Notez ci-après les médicaments ou les aliments que vous en êtes allergiques.

Soraty eto ny fanafody na sakafo tsy zakanao

ABSTENEZ VOUS DE

FADIO

Sigara
Cigarette

Paraky
Tabac à chiquer



Tambavy
infusions

Toaka
Rhum = Boisson alcoolique

Comment utiliser ce carnet quand on communique un message ?

Ahoana no fampiasana ity karine ity rehefa mampita hafatra ?

1 - Isaky ny misy hafatra nampitaina, asiana tsipika ilay faritra boribory



HAFATRA

A chaque message transmis, mettez une barre sur le rond

2 - Ampiana ny tsipika rehefa nohamafisina ny hafatra teo aloha.

HAFATRA

ajoutez une 2e barre si vous renforcez le 1er message

3 - Fenoina ny faritra boribory rehefa nampihatra ilay hafatra ny vehivavy.



HAFATRA

remplissez le cercle quand la femme pratique le conseil

Connaissez le changement de ton corps.

Fantaro ny fiovan'ny toe-batanao

○ Ry zatovovavy, iaino am-pahatoniana ny fiovana miseho amin'ny toe-batanao satria voajanahary izany. Jeune fille, vivez tranquillement avec le changement du développement de votre corps car c'est un processus naturel

○ Mifampiresaha amin'ny Reninao na amin'ny mpanentana ara-pahasalamana raha misy mampiahiahy anao. Parlez à votre mère ou à un agent (de santé) communautaire si quelque chose vous tracasse.

à l'âge de puberté

Taonan'ny fahamaotina :
.....



Mariho ✓ izay fiovana hitanao amin'ny tenanao

Notez ✓ le changement que vous remarquez sur votre corps.

Avant le mariage.

Mialoha ny fanambadiana



○ Jeunes filles, discutez avec Ry tovovavy, mifampiresaha amin'ny ray aman-dreninao fa afaka hanampy anao amin'ny torohevitra samihafa izy.

vos parents car ils peuvent vous aider par les divers conseils

○ Allô, Allô, Fanantenana ?

Appelez gratuitement le numéro vert « ... » en Antsoy ny laharana maitso maimaim-poana **«Allo, Allo Fanantenana» 511 sy Police des Moeurs des Mineurs 147** raha misy olana ara-pahasalamana na antony hafa fa afaka hanampy anao amin'ny torohevitra samihafa izy.

si vous avez des problèmes de santé ou autres choses ; ils peuvent vous donner divers conseils.

Eloignez-vous des Rapports sexuels non protégés et de la grossesse Trop précoce RS

Alaviro ny firaisana ara-nofo tsy voaaro sy ny fitondrana vohoka aloha loatra

○ Ry tovovavy, ialao ny fanaovana firaisana ara-nofo tsy voaaro, isorohana ny aretina azo avy aminy.

Jeune fille, évitez le RS non protégé pour prévenir les maladies ST-

○ Ry tovovavy, ialao ny firaisana ara-nofo alohan'ny fanambadiana, isorohana ny vohoka tsy nirina.

Jeune fille, évitez le RS avant le mariage pour prévenir la grossesse indésirée.

○ Ry tovovavy, ialao ny fitondrana vohoka alohan'ny faha-18 taonanao isorohana ny fahasarotana. Tsy mbola tomombana amin'ny fandraisana ny vohoka ny vatanao.

Jeune fille, évitez la grossesse avant l'âge de 18 ans pour prévenir un accouchement éventuel difficile. Votre corps n'est pas encore mature pour porter une grossesse.

CONSEILS POUR LA JEUNE FILLE

Torohevitra ho an'ny zatovo vavy

Jeune fille, utilisez tous les jours le SEL IODE POUR PRESERVER TA SANTÉ ET DES ENFANTS QUE VOUS ACCOUCHERIEZ

○ Ry tovovavy, ampiasao amin'ny sakafo isan'andro ny sira misy ioda ho antoky ny fahasalamanao sy ny zanaka haterakao rahatrizay.

Jeune fille, échangez souvent des aliments suivant les directives ci-après, afin que tout puisse avoir un corps et intelligence sains, par-

○ Ry tovovavy, ovaovay araka ireto voalaza fara manaraka ireto ny sakafonao, hanananao vatana sy saina tomady :

- **Foto-tsakafo :** vary na mangahazo na vomanga izay mitondra angovo,
- **Menaka avy amin'ny zavamaniry**, mitondra vitamina sy angovo
- **Sakafo avy amin'ny biby** (hena, trondro, atody) be hery fanorenana sy vy ary *zinc*.
- **Voamaina na lena** (petipoà, kabaro, tsaramaso, tsiasisa, voanjo, soja) izay mety mahasolo ny hena. Tsara ampiarahana amin'ny sakafo be vitamina C (voatabia, voasarimakirana, voankazo, ananas) ireo, ahatsara ny firaketana ny vy.
- **Sakafo avy amin'ny ronono** (ronono, fromazy, yaourt), mitondra *calcium*, proteina, angovo sy vitamina.
- **Ananà** (zepinary, ravitoto…sns.), **voankazo sy legioma miloko mavo/mena** (karaoty, voatavo, voatavom-bazaha, manga, papaye akondro, sns.) be vitamina A.



Jeune fille, mangez sainement pour un bon dvpt de votre corps pour

○ Ry tovovavy, misakafoana ara-dalàna, ahatomombana ny fitomboan'ny vatanao, isorohana ny fahasarotana eo am-piterahana rahatrizay

○ Ry tovovavy, tsarovy fa raha tratry ny tsy fanjarian-tsakafo ianao dia voamarina fa miantraika amin'ny taranakao izany.

Jeune fille, rappelez-vous bien que si vous êtes malnutrie, il est prouvé que cela se répercutera sur vos progénitures.

ALLEZ AU CENTRE DE SANTE "AMIS DES JEUNES"

Manatòna Tobim-pahasalamana«Sakaizan'ny Tanora»

Jeunes si vous aviez eu déjà un RS: allez au Centre de Santé pour des conseils ou des contraceptifs adaptés aux jeunes

○ Ry tanora, raha efa niroso tamin'ny firaisana ara-nofo ianao : manatòna Tobim-pahasalamana maka torohevitra na fandraisana an-tanana momba ny fandrindram-piterahana sahaza ny tanora.

SI GROSSESSE INDESIREE

Raha sendra vohoka tsy iriana

○ Ry tovovavy, raha sendra vohoka tsy iriana, manatòna Tobim-pahasalamana maka torohevitra fa tsy vahaolana ny fanalan-jaza

Jeune fille, si vous avez une grossesse indésirée, allez au CS pour avoir des conseils, l'avortement n'est pas une solution

○ Ry tovovavy, raha misy ny vohoka tsy iriana, sorohy ny mety ho fahasarotana. Mandehana misafo hahafahanao miatrika am-pahatoniana ny fiterahanao.

PRISE EN CHARGE DE LA JEUNE FILLE

Fandraisana an-tanana ny zatovovavy

Jeune fille, pour éviter une grossesse indésirée, allez au CS pour savoir les méthodes contraceptives adéquates

○ Ry zatovovavy, isorohana ny vohoka tsy iriana, fantaro eny amin'ny Tobim-pahasalamana ireo fomba fandrindram-piterahana sahaza ny tanora.

JF, pour éviter la MST, évitez les RS ou utilisez des condoms qui en plus préviennent les grossesses indésirées

○ Ry zatovovavy, isorohana ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo : ialao ny firaisana ara-nofo na mampiasà fimailo fa sady miaro amin'ny vohoka tsy iriana no miaro anao amin'izany aretina izany.

Jeunes, allez au CS si vous pensez avoir contracter une MST

○ Ry tanora, manatòna tobim-pahasalamana ianareo raha vao manahy ny fisian'ny aretina azo avy amin'ny firaisana ara-nofo.

VACCIN CONTRE LE TETANOS

VAKSINY FANEFITRY NY TETANOSY

VAT_1	VAT_2	VAT_3	VAT_4	VAT_5
Daty Date	Daty	Daty	Daty	Daty

VACCIN CONTRE LE CANCER DU COL DE L'UTERUS

VAKSINY FANEFITRY NY HOMAMIADAN'NY VOZONTRANONJAZA (HPV)

DATY	DATY IVERENANA Date du retour (prochain RV).	DATY IVERENANA	DATY IVERENANA

CONSULTATION AVANT LE MARIAGE

FIZAHAM-PAHASALAMANA MIALOHAN'NY FANAMBADIANA

	ENY oui	TSIA non
Fizahana EXAMEN	☐	☐
Torohevitra CONSEILS SUR		
Fandrindram-piterahana Planification familiale	☐	☐
Ara-tsakafo l'alimentation	☐	☐
Fandraisana an-tanana PRISE EN CHARGE		
Vaksiny Vaccination	☐	☐
	☐	☐
	☐	☐
Fitiliana rà (sérologie) Dépistage dans le sang.	☐	☐
	☐	☐
	☐	☐
Fitiliana aretina Dépistage de pathologies.	☐	☐
	☐	☐
	☐	☐

FEMME ENCEINTE

RY VEHIVAVY BEVOHOKA

Ireto no fotoana tokony hanaovana vaksiny fanefitry ny tetanosy raha mbola tsy nahavita teo aloha

Voici le calendrier pour la vaccination antitétanique si vous n'êtes pas complètement vaccinée

1ère Vaccination VAT1 ou ATT1

- avant le 4e mois de la première GROSSESSE

2e Vaccination VAT2 ou ATT2 injection 4 semaines après 1ère Vaccination

3e Vaccination VAT3 ou ATT3 injection 6 mois après 2e vaccination

4e Vaccination VAT4 ou ATT4 injection 1 AN après 3e Vaccination

5e Vaccination VAT5 ou ATT5 injection 1 AN après 4e vaccination

Vaksiny voalohany : VAT$_1$ na ATT$_1$
- Alohan'ny faha-efa-bolan'ny vohoka voalohany

Cette première injection ne vous protège pas.
Tsy ampy hiaro anao io tsindrona voalohany io

Vaksiny faharoa : VAT$_2$ na ATT$_2$
- Tsindrona atao EFATRA HERINANDRO aorian'ny vaksiny voalohany

Vous protège pendant 3 années
Miaro anao mandritra ny 3 taona

Vaksiny fahatelo : VAT$_3$ na ATT$_3$
- Tsindrona atao enim-bolana aorian'ny vaksiny faharoa

Vous protège pendant 5 ans
Miaro anao mandritra ny 5 taona

Vaksiny fahefatra : VAT$_4$ na ATT$_4$
- Tsindrona atao TAONA IRAY aorian'ny vaksiny fahatelo

Vous protège pendant 10 ans
Miaro anao mandritra ny 10 taona

Vaksiny fahadimy : VAT$_5$ na ATT$_5$
- Tsindrona atao TAONA IRAY aorian'ny vaksiny fahefatra

Vous protège pendant toute la période de reproduction
Miaro anao mandritra ny fotoana fahafahamiteraka

TERMINEZ LES 5 VACCINATIONS POUR VOUS

VITAO NY VAKSINY DIMY DIA HO VOAARO AMIN'NY TETANOSY IANAO SY NY ZAZA ATERAKAO

PROTEGER ET DE VOS BEBES CONTRE LE TETANOS

CONSEILS POUR LA FEMME ENCEINTE

Torohevitra ho an'ny vehivavy bevohoka

Ry vehivavy bevohoka,

- ○ Manatòna Tobim-pahasalamana mialoha ny faha-4-bolan'ny kibonao hahafahana mijery ny toe-pahasalamanao sy ny zaza ao am-bohoka.
- ○ Tontosao ny fisafoana in-4 fara-fahakeliny mandritra ny fitondrana vohoka.
- ○ Vitao hatramin'ny farany ny vaksiny dimy hiaro anao amin'ny tetanosy

CHERE FE, F
Allez au CS avant le 4e mois de Grossesse pour votre état de santé et de celui de votre bébé que vous portez.
Effectuez au moins les 4 CPN pendant la Grossesse
Terminez jusqu'au bout les 5 (injections) vaccination pour vous protéger du Tétanos

PREVENTION DE L'ANEMIE

Fisorohana ny tsy fahampian-drà

- ○ Ry vehivavy bevohoka, mihinàna pilifera (FAF) iray isan'andro tsy tapaka eo am-pisakafoanana, hiarovana amin'ny tsy fahampian-drà, hahatomombana kokoa ny fahasalamanao.

FE, prenez le comprimé de Fer (Fer Acide Folique) - Un par jour, régulièrement au cours du repas pour prévenir l'anémie pour préserver votre santé

PREVENTION DU PALUDISME

Fisorohana ny tazomoka

FE

Ry vehivavy bevohoka,

- ○ Manatòna ny Tobim-pahasalamana, hahazoanao torohevitra sy ny fanafody hiarovana anao sy ny zaza ao am-bohoka amin'ny tazomoka.
- ○ Matoria anaty lay misy odimoka maharitra

Allez au CS pour recevoir des conseils, des médicaments pour vous protéger et votre bébé dans votre ventre du palu.
Dormez dans un moustiquaire imprégné de insecticide à effet durable

Torohevitra ho an'ny vehivavy bevohoka

FE, utilisez chaque jour du sel iodé pour préserver votre état de santé et du bébé que vous portez.

- ○ Ry vehivavy bevohoka, ampiasao amin'ny sakafo isan'andro ny sira misy ioda ho antoky ny fahasalamanao sy ny zanakao ao am-bohoka.

FE, prenez bien soin de votre santé et préparez votre accouchement

- ○ Ry vehivavy bevohoka, tandrovy lalandava ny fahasalamanao ary omano ny fiterahana.



FE mettez tout de suite au sein votre bébé qui-ne et continuez l'allaitement exclusif jusqu'au 6e mois

- ○ Ry reny bevohoka, ampinonoy avy hatrany ny zaza raha vao teraka ary tohizo tsy misy fangarony hatramin'ny faha-enim-bolany.

PREVENTION DE LA TRANSMISSION MERE-ENFANT DE LA SYPHILIS et du VIH

Fisorohana ny fifindran'ny farasisa sy ny VIH amin'ny zaza ao am-bohoka

FE, allez au CS pour recevoir des conseils et pour faire les

- ○ Ry vehivavy bevohoka, manatòna Tobim-pahasalamana maka toro hevitra sy manao fitiliana ny farasisa sy VIH. dépistage de Syphilis et VIH

Fepetra: REGLES

examens de santé avant, pendant et après accouche

- Fizaham-pahasalamana mialoha, mandritra ary aorian'ny fiterahana
- Fitiliana ny farasisa sy VIH dépistage syphilis VIH
- Fanafody sahaza misoroka ny fifindran'ny farasisa sy VIH amin'ny zaza ao am-bohoka

Médicaments éventuels pour prévention transmission syphilis et VIH.

CONNAISSEZ LES SIGNES DE DANGER PDT LA GROSSESSE

Fantaro ny fambara loza mandritra ny vohoka

Chaud au toucher ou sensation d'avoir très froid
Mafana hoditra na mahatsiaro mangatsiaka be

Mal à la tête ou douleur à l'estomac
Marary an-doha na marary am-bava fo

vomit sans arrêt
Mandoa tsy mijanona

mains pâles ou jaunâtres
Hatsatra na vony ny tanana

Fantaro ny fambara loza mandritra ny vohoka

du sang ou de liquide d'odeur mauvaise par l'appareil génital
Misy ra na rano na tsiranoka mamofona maimbo mivoaka amin'ny fivaviana

Mandeha rà be mivoaka avy any amin'ny fivaviana

douleur pubienne ou sus pubienne
Marary valahana na andohavania

Mivonto ny tongotra , na ny tarehy, na ny tanana

si l'un de ces signes apparaît chez vous, allez vite

Raha mitranga aminao ny iray amin'ireo fambara loza ireo dia :

au cs le plus proche

Manatòna haingana Tobim-pahasalamana akaiky anao indrindra

Première Grossesse

Fitondrana Vohoka voalohany

CPN

FISAFOANA	1	2	3	4	5	6
Fenoy ny banga ary mariho ☑ ny faritra miloko raha natao	Daty	Daty	Daty	Daty	Daty	Daty
- DDR : ..... DPA :						
- Volan'ny vohoka (isan'ny herinandro) mois de G (nbre semaines)						
- Laharan'ny vohoka entina rang de la grossesse						
- Isan'ny vohoka tonga enim-bolana no mihoatra nb G ayant atteint 6 mois et +						
1 - Tosi-drà Tension artérielle						
2 - Halavana Taille						
3 - Lanja poids						
4 - Refin'ny kibo Hauteur utérine						
5 - Fikofohan'ny zaza mouvements foetaux						
6 - Fitempon'ny fon'ny zaza Bruits du cœur foetal						
7 - Fipetraky ny zaza Présentation						
8 - Fitsapana (TV) toucher vaginal						
9 - Fizahana (spéculum) examen (au spéculum)						
10 - Fitiliana Albimina albuminurie						
11 - Fitiliana Siramamy glucosurie						
12 - Fitiliana farasisa dépistage syphilis						
13 - Toetry ny lohanono état du bout des seins.						
14 - Dinidinika - Torohevitra mikasika VIH counseling sur VIH						
15 - Fitiliana VIH dépistage VIH.						
16 - Torohevitra mikasika ny fampinonoana conseils sur l'allaitement maternel						

PRISE EN CHARGE DE LA FE

Fandraisana an-tanana ny vehivavy bevohoka

Prévention de l'anémie

FISOROHANA NY TSY FAHAMPIAN-DRA

Prise de FAF (commence dès la 1ère CPN)

1. Fihinanana Pilifera (manomboka amin ny fisaloana voalohany)

Fihinanana pilifera (FAF) mandritra ny enim-bolana, tohizana aorian'ny fiterahana

Prise du sep de FER pendant six mois
Dose à continuer après l'accouchement

Fatra 1 volana 30 isa	Fatra 1 volana 30 isa	Fatra 1 volana 30 isa	Fatra 1 volana 30 isa	Fatra 1 volana 30 isa	Fatra 1 volana 30 isa
Daty date	Daty	Daty	Daty	Daty	Daty

2. Fihinanana ody kankana Prise d'un antiparasitaire intestinal

Manomboka amin'ny faha-4 volana à partir du 4e mois G. (3 mouvements foetaux)
Daty date

PREVENTION CONTRE LE PALUDISME

FIAROVANA AMIN'NY TAZOMOKA

ASSISTANCE IMPERATIVE DE LA PRISE

1. Sulfadoxine Pyriméthamine (SP) : Tsy maintsy atrehina ny fihinanany ny fanafody

SP1 Pilina 3	raha ka mbola sendra ny zaza bongo dans son ventre rehefa tsapan'ilay reny bevohoka fa mihetsika ny zanany am-bohoka (vohoka mihoatra ny 16 HERINANDRO) quand la mère sent le bébé bouger dans son ventre Grossesse plus de 16 Semaines d'Aménorrhée	Daty
SP2 Pilina 3	1 volana aorian'ny SP1 1 mois après SP1	Daty
SP3 Pilina 3	● 1 volana aorian'ny SP2 1 mois après SP2 ● ho an'ny bevohoka mitondra ny tsimokaretina VIH/SIDA pour FE porteuse VIH/SIDA	Daty

2. Fampiasana lay misy ody moka maharitra

utilisation du moustiquaire imprégné d'insecticide durable (MID) 1 effet

VAKSINY FANEFITRY NY TETANOSY

VACCIN ANTITETANIQUE

VAT_1	VAT_2	VAT_3	VAT_4	VAT_5
Daty	Daty	Daty	Daty	Daty

CPN

SIGNES DE DANGER DE LA GROSSESSE

Fambara loza eo amin'ny vohoka

	FISAFOANA 1	2	3	4	5	6
Coups et blessures Vono sy ratra						
Poids stable Tsy mitombo lanja						
œdème Binabina na mivonto						
Pâleur cutanée - Ictère Hatsatra - Vony						
Céphalée Aretin'andoha						
Douleur pelvienne et suspubienne Marary valahana sy andohavania						
Forte fièvre Mafana hoditra be						
Perte de sang Fahaverezan-drà na lio						
Vomit sans arrêt Mandoa tsy mijanona						
rupture des poches des eaux avant terme Vaky ranon-dohany alohan'ny fotoana						
Convulse Mifanintona						
Pertes vaginales - ulcérations au Tsiranoka - BAY na FERY eo amin'ny fivaviana (lisons : au niveau de l'appareil génital)						

Si un de ces signes existe :

Raha mitranga aminao ny iray amin'ireo fambara loza ireo dia : (Allez rapidement au CS le plus proche)

Manatòna haingana Tobim-pahasalama-na akaiky anao indrindra

CONCERNANT L'ACCOUCHEMENT (à remplir par l'accoucheur)

Momba ny FITERAHANA (Fenoin'ny Mpampiteraka)

Miteraha any amin'ny Tobim-pahasalamana (Accouchement au CS)

Toerana : lieu

Daty : Date Ora : Heure

Fiterahana tsotra : ☐ Accouchement eutocique

Fiterahana sarotra : ☐ Antony : causes (Accouchement dystocique)

Nalefa amin'ny toerana arifomba : ☐ (Référée à un CS plus équipé)

Antony : cause

Nahazo fandidiana : ☐ a été opérée

Tranga taorian'ny fiterahana : les signes après opération



○ Ry Reny, ho fiarovana ny zanakao amin'ireo otrikaretina sy ireo aretina mpahazo ny zaza, ampinonoy avy hatrany izy aorian'ny nahaterahany.

Mère, pour prévenir la contraction de microbes et les maladies spécifiques aux nourrissons, mettez tout de suite au sein le nouveau-né



○ Vitao anatin'ny 12 andro ny fanambarana ny fiterahana (Finir dans les 12 jours la déclaration de naissance.)

○ Ry Reny mampinono, mihinàna sakafo mihoatra noho ny mahazatra anao isan'andro hampatanjaka anao kokoa.

(Mère allaitante mangez plus de nourriture tous les jours pour vous donner de la force.)

SIGNES DE DANGER APRES L'ACCOUCHT

Fambara loza aorian'ny fiterahana

Mandeha rà be mivoaka avy any amin'ny fivaviana
Beaucoup de sang sortant du vagin.

Mafana hoditra
Chaud au toucher

Mifanintona
convulse

Raha mitranga aminao ny iray amin'ireo fambara loza ireo dia :

Manatòna haingana Tobim-pahasalamana akaiky anao indrindra
si un de ces signes apparaît, allez vite aux le plus proche

CONSULTATION POST NATALE

Fizaham-pahasalamana aorian'ny fiterahana

	6e ora faha 6 1heure	6e jaona andro faha 6	6e Semaine Herinandro faha 6
Tsiranoka aorian'ny fiterahana (Lochies)			
Fiverenan'ny tranonjaza amin'ny toerany (Globe de sécurité /HU)			
Fiakaran'ny nonon-dreny montée laiteuse			
Hodi-maso hatsatra - mavo (Conjonctives) pâles ou ictériques			
Fivontosan'ny tongotra oedème des membres inférieurs			
Hafanana température			
Tosi-drà Tension artérielle			
Vaksiny Vaccins			
Fandrindrana Fiainam-Pianakaviana (CCV ou DIU post partum) Planning Familial (PF)			
Fery aorian'ny fandidiana (Plaies post opératoires)			
Fanaintainan'ny ranjo (Phlébites)			
Vitamina A Vit A			
~~Conseils~~ Toro hevitra (fampiroboroboana Fahasalaman'ny Reny sy ny Zaza) Promotion de la Santé de la Mère et de l'Enfant).			